Filohan'ny mpanohitra
# Efa namela an-dRavalo ho filohany i Rajoelina 2

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Alakamisy 1 Aogositra 2019 Laharana 937 Vidiny : 400 Ar

Fikasana hanendry PDS 2
## Vanja milevina ho an'ny fitondrana

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Fitondrana Rajoelina 3
# Manao fandehana sokatra ilay lamasinina TGV



Anosibe Ifody Moramanga 2
# Manao ny ataony koa ny sinoa



SG NY CUA 3
## Nanaraka ny ara-dalàna ny fanorenana tsena ao Anosibe



Tranga mampalahelo 6
## 4 andro vao hita faty ilay zaza very

Mandritsara 2
## Mitohy ny fitokonan'ny mpianatry ny Oniversite

Cité Analamahitsy 5
## Tamboho tsy misy fahazoan-dalana noravana...

Daka kely
Piscine olympika ve ho tonga any anaty vilanin'ny pokona ry Boaikely a !

Tsenan'Anosibe 5
## Nivadika tamin'ny fifanarahana ny FSATA hoy ny FDTA



FILOHAN'NY MPANOHITRA

# Efa namela an-dRavalo ho filohany i Rajoelina

Ny fifanatrehana ara-kevitra tamin'ny haino aman-jerim-pirenena TVM sy RNM, teo amin'ny kandida filoham-pirenena Andry Rajoelina sy Marc Ravalomanana nandritra ny fampielezan-kevitra, tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinanana faha 2 ny faramparan'ny taona 2018 teo dia singa iray hijeren'ny olona raha tena mahatàna ny teny nomeny tokoa ve ny filoha Andry Rajoelina tamin'ny teny nolazainy satria efa tonga eo amin'ny toerana niriany izy izao. Nanambara ity farany tamin' izany' Ny lalampanorenana izay napetran-tsikadia mametraka ny statut de l'opposition, koa havelako malalaka Ravalomanana ho chef de l'opposition rehefa tonga eo amin'ny fitondràna aho ', io no tenin'ny filoha Andry Rajoelina tsy misy nanesorana sy nanalàna. Tsy misy teny betsaka azo atao Andriamatoa filoha fa tanteraho ny teny izay nambara manoloana ny Malagasy 22 tapitrisa nihaino sy nijery anao tamin'ny haino aman-jerim-pirenena TVM sy RNM. Nitehaka mafy ireo mpomba ny andaniny sy ny ankilany naheno anao niteny io , koa tanteraho fa aza mitady fika hafa araka ny fitenin'ny tanora indray tsy hanatanterahana ny teny nomena. Ny filoha Marc Ravalomanana efa nanambara fa mpanohitra tsy ho bontolo fa mpanohitra hanampy ny fitondràna amin'ny fampandrosoana ny firenena aza, mba hanjakàn'ny demokrasia eto Madagasikara. Aza matahotra Andriamatoa filoha Andry Rajoelina fa mpanohitra tsy mpanongampanjakàna izy araka ny nambarany ombieny, fa mpanohitra ho modely aty Afrika sy manerana izao tontolo izao.

***Helisoa***

Japon- Madagasikara

# Nahazo tsena vaovao avy amin'ny japone ny kaominina Ambohibary Alaotra Mangoro




*Ilay tsena lehibe notokanana tany Ampitambe.*

Nahazo tsena vaovao avy amin'ny japone ny any Ampitambe, kaominina Ambohibary any amin'ny faritra Alaotra Mangoro. Vita afak'omaly ny fitokanana izany foto-drafitrasa izany, niatrika izany tany an-toerana ny Ambasadaoron'i Japon monina sy miasa eto amintsika Ichiro Ogasawara sy ny ministry ny atitany Tiana Razafimahefa. Mitentina 72.967 Euros, na 236.120.000 Ariary, ny teti-bidin'izao tsena vaovao izao, ao anatin'ny tetikasa iarahana amin'i Japon antsoina hoe:"fanampiana miendrika fanomezana ho an'ireo tetikasa madinika eny ifotony ho amin'ny fiahiana ny olona". Ahitana toeram-pivarotana na pavillons miisa 30, sy talantalana miisa 90 ity tsena vaovao ity, misy siniben-drano, toeram-panariam-pako ary trano fidiovana. Noho ity kaominina ity tafiditra aminr'ny faritra iasan'ny orinasa Ambatovy no nahazoany izao tetikasa izao, satria orinasa japone no anisan'ny mampiasa vola betsaka ihany koa ao amin'ity orinasa mpitrandraka nickel sy cobalt ity. Ho afa-pahasahiranana ny mponina manodidina an'Ampitambe, satria any amin'ny 12 km, any Moramanga vao misy tsena teo aloha.

***Isambilo***

Anosibe Ifody Moramanga

# Manao ny ataony koa ny sinoa



*Tany midadasika, anisan'ny fitsiriritran'ny vahiny eto amintsika.*

Manao ny ataony koa ny sinoa amin'izao fotoana any amin'ny fokontany Ankarefo sy Tsaramiafara, any amin'ny Kaominina Anosibe Ifody, any amin'ny distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro. Noho izay antony izay, miantso vonjy amin'ny fitondrampanjakana ny mponina any amin'ireo fokontany roa ireo. Olana iainan'ny mponina ny fahatongavan'ireo sinoa manorina fotodrafitrasa ao an-toerana izay mamaritra ny tany iainan'ny mponina efa an-taonany maro. Araka ny nambaran'ireo solontenam-pokonolona avy any an-toerana, efa hatramin'ny faran'ny taona 2018 lasa teo no nofaritan'ireo sinoa avokoa ny tanin'ny mponina mirefy an-jatony hekitara : voafaritr'izy ireo avokoa na tanàna, na tany fambolena sy firaofan'ny biby fiompy, notampenan'izy ireo ny lalana ivoahan'ny vokatry ny mponina. Araka ny nambaran'ireo mponina ihany, efa hatramin'ny taona 2009 izy ireo no nanao fangatahana tamin'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany any Moramanga, amin'ireo tany efa nojariany an-taonany maro ireo, nefa mbola tsy nahazo valiny mahafapo hatramin'izao. Fitakian'izy ireo ny hamerenana ny taniny, ny hanokafana ny lalana izay amin'ny tany izay nohajariana efa an-taonany maro, ny famitana koa ny fanoratana amin'izy ireo ireo tany ireo, izay lasan'ny vahiny fotsiny amin'izao fotoana. Araka ny fanamarihan' ireo mponina ihany, na ny sefo fokontany any an-toerana aza, tsy mahafantatra izay tena asa ataon'ireo sinoa ireo any an-toerana.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fikasana hanendry PDS

## Vanja milevina ho an'ny fitondrana

Manoloana ny feo mandeha mety ho fanoloana ny ben'ny tanàna ho Filohana Delegasiona Manokana (PDS) manerana an'i Madagasikara dia maro ny olon-tsotra, na mpanao pôlitika no maneho hevitra amin'ny fihemorana, na firosoana amin'ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina amin'ity taona ity. Ny teo anivon'ny Ceni dia efa nilaza indray fa rehefa tsy nandray fanapahan-kevitra ny governemanta tamin'ny didim-panjakana hanatanterahana ny fifidianana dia nanolotra soso-kevitra amin'ny volana novambra 2019 ka hatramin'ny volana mey 2020 indray . Ankoatr' izay, dia efa maro ireo mpanao pôlitika sy fikambanana na olon-tsotra no naneho hevitra fa tsy tokony hahemotra ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina ary azo atao foana na dia fotoampahavaratra aza. Anisan'ny efa naneho hevitra ny filohan'ny Kmf/Cnoe, ny filohan'ny Smm, ny antoko pôlitika samihafa izay samy tsy mankato ny fanemorana ny fifidianana sy fanoloana Pds ny ben'ny tanàna. Tetika fampandaniana ny kandida Mapar amin'ny fifidianana no tanjon'ny fitondrampanjakana tsy nandray io fanapahan-kevitra io raha ny hevitr'ireo olon-tsotra sy mpanao pôlitika sasany satria matahotra ny tsy hahazo toerana betsaka ny mpomba ny fitondrana raha toa ka tanterahina avy hatrany ny fifidianana amin'ny volana Oktobra ho avy izao raha ny tetiandro navoakan'ny C eni. Andrasana arak'izany ny fanapahan-kevitry ny governemanta amin'ny ora farany amin'izay mety ho fihemorana na fanoloana Pds ireo ben'ny tanàna manerana an'i Madagasikara, izay vanja milevina ihany ho an'ny fitondrana raha sanatriavina hiroso amin'izany fametrahana PDS izany izy ireo.

***Rajo***

Mandritsara

# Mitohy ny fitokonan'ny mpianatry ny Oniversite

Mitohy hatarany ny gravy izay ataon'ny mpianatry ny Oniversite any Mandritsara any amin'ny faritra Sofia amin'izao fotoana. Efa nanomboka nifamotoana teo amin'ny Biraon'ny Oniversite teo amin'ny "Travaux Publics", na ny asa vaventy, ny mpianatry ny Oniversiten'i Mandritsara. Midika izany fa mbola tsy miravona ny olana. Mitohy arak'izany ny fitokonan'ireo mpianatra. Marihina fa efa nisy diabe namakivaky ny tanàna nataon'ireo mpianatra nanomboka avy tany amin'ny foiben-toeran'ny Oniversite Mandritsara (Campus Universitaire) tany Antsoha ny talata teo, nanehoan'izy ireo ny fanoherana ny saram-pandraisana anjara amin'ny fanadinana (droit d'examen) sy ny fahataran'ny vatsim-pianarana. Arahintsika eo ihany ny tohin'ity olan'ny fampianarana ambony any amin'ny faritra Sofia ity.

***Isambilo***



*Ny sasany amin'ireo mpianatra mitokona any Mandritsara.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Manao fandehan-tsokatra ilay lamasinina TGV

Mihazakazaka ny andro sy volana, ary dia miditra sahady amin'ny volana fahavalo amin'ity taona diavina ity isika. Tsy toy izany kosa ny asa fampandrosoana ny firenena hatreto na dia lazaina fa lamasinina haingam-pandeha aza no entin'ny fitondrana. Tsy ilaina hakana ohatra amin'ny zava-misy eo amin'ny fiainana andavanandro sy ny fitantanam-pirenena izany, fa iarahan'ny rehetra mahita toy ny tafika andrefan-tanàna. Tao anaty fampielezan-kevitra sy rehefa nandray ny fitondrana anefa ny tomponandraikitra ankehitriny toy ny hoe aorian'ny volana janoary dia hisy fiovàna goavana eto amin'ny firenena sy ny fiainam-bahoaka. Ary mbola noheverina ho izany tokoa raha saika hisy ny fikasana hanandrana hikitika ny lalampanorenana, fa toy ireny maika dia maika ery ireny ho amin'ny fampandrosoana ny fitondrana. Tsy mifanaraka amin'ny lalampanorenana nanaovana fianianana anefa izany dia nikatso teo ny hevitra, izay tsy fantatra na misy kajy ambadika. Tsy izany koa anefa no ialokalofana eo raha tahiny ka tsy misy fiovàna firy ny fiainam-bahoaka. Toa mihisatra ny fahitana ny raharaha mandraka ankehitriny, fa tsy mizotra haingana araka izay ilàna azy sy andrasan'ny vahoaka aminy, tena manao fandehan-tsokatra ilay lamasinina haingam-pandeha TGV.

Dimy volana eo sisa no hodiavina, dia ho tapitra ny taona. Dimy volana hitondra inona ho amin'ny fiainam-bahoaka? Ao anaty adihevitra lalina amin'ny seha-pampianarana ankehitriny ny rehetra mpisehatra ao anatin'izany: ny tomponandraikitry ny sekoly indrindra ny tsy miankina, ny mpampianatra, ny ray aman-dreny sy mpianatra. Ireto roa farany no tena lasibatra amin'ny tsy fahamarinan-toeran'ity sehatra ity. Efa misy olana maro saro-bahana aman-taonany maro eo, dia mbola miampy vaovao hafa hatrany izany. Sehatra tsy azo atao an-tsirambina velively anefa io, fa iankinan'ny fiainam-pirenena manontolo mihitsy. Ny fanaovana an-tandrevaka azy io, na ny fangaroana azy amin'ny resaka politika mandrakariva no miteraka izao fahavoazan'ny firenena izao. Efa ela, efa ho herintaona mahery izay, no nanaitra sy nisarika ny sain'ny tomponandraikitra sy ny mpampianatra tamin'io miteraka adihevitra be ankehitriny io ny teto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao, fa toa nanao antso an-tany efitra ihany. Izao ny maro vao misahotaka rehefa tonga amin'ny kihon-dalana sarotra ho hatrehin'ny mpianatra ato ho ato sy ny olan'ny ray aman-dreny. Asa hanao ahoana no hiafaran'ity raharaha ity? Singa iray amin'ny fisian'ny fihisaran'ny fitantanam-pirenena amin'izao fotoana izao io, fa mbola misy ny hafa...

***Sôh'son***

**SG NY CUA**

# Nanaraka ny ara-dalàna ny fanorenana tsena ao Anosibe

Manoloana ny olana mikasika ny fanorenana ny tsena ao Anosibe, izay nisian'ny mpanakorontana ny fanamboarana ny fotodrafitr'asa tao antoerana dia naneho ny heviny ny sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Randriamasinoro Tahiry Ny Riana. Nisy hoy izy ny fangatahan'ny fikambanan'ny mpivarotra tao amin'ny tsenan' Anosibe noho ny fahateren'ny tsena mba hananganana tsena tao antoerana. Nisy avy hatrany ny fijeren'ny kaominina Antananarivo Renivohitra ny hetahetan'ireo



mpivarotra satria tsy maintsy mijery ny tombontsoa ho an'ny rehetra ny CUA . Rehefa izany, dia nisy ny fanaovana ny pitsompitsony amin'ny fomba rehetra ahafahana mamaly ny hetahetan'ny mpivarotra . Rehefa misy izany dia tsy maintsy mandalo fanapahan-kevitry ny mpanolotsaina ny tanàna aloha, rehefa vita izany dia misy ny fanomezan'ny ben'ny tanàna fahazoan-dalana manorina ahafahana manangana ny tsena ho an'ilay fikambanana MIEL nahazo ny tolobidy, izay efa nahazo ny fankatoavana ihany koa tamin'ireo fikambanana ao amin'ny tsenan'Anosibe. Rehefa misy ny fankatoavan'ny mpanolotsaina toy ireny dia tsy maintsy mandalo any amin'ny prefektora izany vao ampiharina, tsy misy taratasy manohitra izany anefa avy any. Manoloana ny korontana tao Anosibe hoy ny SG ny kaominina Randriamasinoro Tahiry Ny Riana dia nisy hoy ny izy ny taratasy avy any amin'ny prefektoran'ny polisy eto Antananarivo manatsahatra ny asa ao an-toerana. Na tsy nisy aza anefa io dia efa nanapakevitra ny CUA fa ahantona kely aloha ny asa satria misy zavatra hafa ao hoy izy . Namafisin'ny SG ny CUA hatrany fa nanaraka ny antanan- tohatra rehetra ny fananganana io fotodrafitr'asa ao Anosibe io.

***Helisoa***

Madagasikara

# Nankalaza ny faha-20 taona naha-mpanjaka an'i Mohammed VI koa

Nankalaza ny faha-20 taona naha mpanjaka an'i Mohammed VI ny firenena Marokanina ny 30 jolay lasa teo. Nankalaza izany tsingerin-taona izany koa isika teto Madagasikara, satria efa hatramin'ny ela no nisy ny fifandraisana teo amin'ny tany roa tonta. Teny amin'ny tranon'ny Masoivohon'i Maraoka eto Antananarivo no nanamarihana izany afak'omaly. Nisongadina fa hohatevenina hatrany ny fiaraha-miasa eo amin'ny fitondram-panjakana any Rabbat sy ny aty Madagasikara. Ankoatra izany, tany Antsirabe tokoa no nataon'ny Frantsay sesitany tamin'ny fotoan'androny ny Mpanjaka Maraokana tamin'izany fotoana izany, rain'ity mpan-



*Ny mpanjaka Maraokana Mohammed VI.*

jaka Maraokana ankehitriny ity dia ny Mpanjaka Mohammed V. I Mohammed VI ankehitriny no mitàna ny laharana faha-6 amin'ireo mpanjaka manan-karena indrindra eto ambon'ny tany, mahatratra 2,1 miliara dolara Amerikanina ny harenany. Maro amin'ireo mpanao politika Afrikanina no mitsiriritra mafy an'i Mohammed VI satria tsy mba 5 na 10 taona no fe-potoam-piasany amin'ny maha filohampanjakana azy fa mandrapahafaty. Sady tompon'ny fahefana tsy azo atao na inona na inona no tompon'ny vola.

***Isambilo***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Misy milaza fa ny renivohitra dia tokony tsy hisy tanimbary. Voizin'ireo Mpomba be fahatany an'i Andry Rajoelina izany fa ny Renivohitra hono dia tsy tokony hisy TANIMBARY, ary ataon'izy ireo anatin'izany AMBOHITRIMANJAKA. Voalohany, tsy anaty Renivohitra ny TanindRazanay, ary na Ambohidrapeto aza dia torak'izany. Faharoa, asehonay fa ny ampahany amin'ny Renivohitra misy ireo TANIMBARY anaty Fokontany ary koa ny TANY NGAZANA manodidina. Fahatelo, tsy miteny izahay hoe TOTORY ireo FIHARIAN'OLONA ireo, sao misy hamadi-dresaka indray. Satria ny TANIMBARIN'AMBOHITRIMANJAKA ve no tian'ny Mpanambola Vahiny mba hanitarany ny fananiham-bohitra kasainy, dia hisy hanaiky izany isika Malagasy. Tsy hanaiky ny fakana an-keriny ny tanindrazanay izahay, amin'ny fikasana hanao ilay tetikasa Tana Masoandro, heverin'ny fitondrana Rajoelina hatao. Dia hilaza ve ny sasany fa HAKOTROKOTROKA HO-NO ny faha-60 Taonan'ny Fahaleovantena ny 26 jona 2020. Tsy mahaleotena isika fa mandohalika tanteraka amin'ny vahiny raha sanatria ny tanindrazan'ny Malagasy no hanjakan'ny vahiny, toy ny kasainr'ny fitondrana hatao eny Ambohitrimanjaka sy Ambohidrapeto ity! Ahy, anay io ... ary maha-saropiaro anay !

***Rakotofanomezana Christian Marie***
***Ambohitrimanjaka***

## TONONKALO

### MBA JEREO NY FAMPIANARANA

Tsy laharam-pahamehana ary ve ny fampianarana,
Ary moa tsy sokajiana ho fanaingam-pivoarana ?
Raha ny zava-misy mantsy mahalasa saina ihany
Fa ny seha-pampianarana atao "gisitra" hatrany !

Hatramin`izao dia mahagaga fa tsy misy ny mangirana,
Ny amin`ny datim-panadinana sy ny datin`ny fidirana,
Nefa ity ny taom-pianarana , herinandro vitsy sisa,
Ka dia be no manontany , manao kajy sy manisa .

Raha vao sehatra isehoany, maika ery ny fitondrana.
Mihetsiketsika aok`izany , toa mafana dia mafana.
Saingy raha vao fampianarana , saingy raha vao fanabeazana,
Dia indreo mamato-tanana ary toa mitazantazana.

Mbola tiana ho be ny bado sy ny tsy nandia fianarana,
Hahafaha-manambaka sy manohy ny fangalarana ?
Aoka tsy ho izany intsony ry mpitondra mihalangalana.
`Ndeha jereo ny fampianarana f`aza atao ho "vodilalana".

***DADAN`i ZINA (31-07-19)***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mirana R**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ireo delegen'ny mpivarotra avy amin'ny FDTA nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Anosibe.





Tamboho tsy nahazoana alalana narodana tetsy amin'ny Cité Analamahitsy.






## Sakafo Ny Valosoa



**Ron.anamamy sy hen.omby** indray no laoka amin' ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Ny akora ilaina: hen'omby matavy, anamamy, angivy, menaka, tongolo be, sakamalaho, sira. Ho an'ireo somary ambany ny tosi-drà-ny dia tsara ho azy ireo ny fihinanana ity laoka ity. Somary ariana ihany anefa ny ranon'ilay anamamy vao tena androhoina izy.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fanadiovana ireo taova any anaty



Fomba natoraly fanadiovana ireo taova any anaty indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany, fomba fanadiovana :

- ny aty,
-vavony,
-ny tsinay,
-ny fivoahan'ny fivalanan-drano,
-fanalana tavy.

**Ny atao**:
rano 1 vera asiana silaka voasary makirana, atao matimaty ka sotroina amin'izay hafanana zaka, atao in-4 vera sotroina mandritra ny maraina tontolo io, (ohatra: 5h ,7h, 9h, ary 11h ).
Ho an'ny olona miasa kosa dia atao anaty thérmosse ilay rano, araho ny fatrany, dia sotroina 1 vera isaky ny hisotro.
o anatin'ny 10 andro no manao azy ity, ao anatin'ny 3 ka hatramin'ny 5 andro eo dia ho maimbo be ny fivalanana satria hiala daholo ny loto rehetra.
Azo atao 10 andro isam-bolana.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Ampanihy Andrefana any amin'ny faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'Ampanihy Andrefana any amin'ny faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny distrikan'Ampanihy ity tanàna ity, kaominina an-drenivohitra. Somary iva toerana ihany izy satria 180 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Manana seranam-piaramanidina ity tanàna ity. Vokatra any ny haninkotrana isan-karazany: katsaka na tsako, ny mangahazo na kazaha, ny vomanga na bageda,… Mpiompy ihany koa ny mponina, mpiompy ondry hahazoana ny karipetra na tapis Mohair, izay mampalaza an'Ampanihy Andrefana manerana izao tontolo izao. Ompiana any koa ny omby. Hita eny rehetra eny ny sokatra any an-toerana.



## NY TENY FIAINANA

*Ary amin'izany andro izany ny solofon'i Jese, izay hitsangana ho fanevan'ny firenena, dia Izy no hotadiavin'ny jentilisa; ary ny fitoerany dia ho voninahitra.*

***Isaia 11:10***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Tsenan'Anosibe : sakanan'ny sasany i Neny sao mahavita asa mivaingana



**Arp Helisoa :** nivoaka tamin'ny fahanginany ny fikambanan'ny delegen'ny mpivarotra ao amin'ny tsenan' Anosibe manoloana ny fanakorotanana ataon'ny sasany ao an-toerana. Manaiky ny fanorenana fotodrafitr'asa ao Anosibe izy ireo. Ilay fikambanana iray hafa FSATA kosa dia hita fa voakaraman'ny fitondrana hisakana ny mety ho zava-bitan'ny CUA sy ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.

**Zacharie Rakotoarisoa :** tondroy mihitsy hoe iza no mpitarika ireo mpanakana fandrosoana ireo e!

**Toutou Mie :** izy anie efa mitolo-tena e. ary efa nambarany t@ herinandro fa mijoro izy miady aamin'ny tsindry hazo lena hono… dia gaga ianao. Ny mpivarotra eny Anosibe anefa tena mila foto-drafitrasa vaovao, sady ilay toerana anaovana ireo tsena vaovao aza toerana fanaovan'ny olona maloto fotsiny dia izao ezahan'ny CUA sy ny mpiara-miombon'antoka hanaovana tsena vaovao izao, nefa izao sompan'ny fitondran-dRajoelina izao.

**Lova Andrianasolo :** tena ilaina ny contre offensive, toy izao nataon'ny delege ao amin'ny FDTA izao, ny mpanao ratsy sy tsy tia fandrosoana toko,ny tsy hahazo laka eto Iarivo, aleo ny asan'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, sy ny ekipany ary ny mpiara-miombon'antoka aminy, hiroso hatrany.

**Voniarisoa Riavololomboahangy :** misaotra anareo mpivarotra ao Anosibe zahay, tohizo ny asa, mila fotodrafitrasa vaovao sy mila homena endrika vaovao Anosibe sy Antananarivo. Ny filoha Marc Ravalomanana no nahavita ny tsena lehibe ao Anosibe ankehitriny tamin'ny fotoan'androny ary mila mbola hitarina izany ankehitriny.

**Marie Léa Rajaonarison :** zay mihintsy. Mba aok'izay ity fahanginana ity. Sady toriho any amin'ny manampahefana fa tena mpanakorontana. Te hanaratsy an'i Lalao indray ry zareo reo satria akaiky ny fifidianana Maire.

**Geipy Raf :** mankasitraka ny fijoroan'ireto mpivarotra ireto, miady amin' ny mpanakorontana. Mila filaminana sy tetikasa ny tsena mba handroso sy hirobobo, fa tsy korontana sy mpampiady toy ny ataon'ny fitondrana Rajoelina.

**Ramaroson Sylvia Gisele :** tokony hatao hazalambo mihitsy le mpanakorontana, mpanakorontana ve dia tsy misy Emmoreg, vakiana fotsiny ny ataon'ny fitondrana teny Anosibe io.

**Lova Andrianasolo :** ka iza no hanao hazalambo azy eo? Matoa izy sahy manao an'ireny dia misy mpaniraka izany dia ny fitondrana.

**Vony Couturier Mikaly :** samy malala-tsaina anie, fa ilay mpanakorontana no mitady izay tombotsoan'ny tenany e . Na izany aza, tokony hojerena ny tombontsoan'ny be sy ny maro dia ny fanamboarana tsena, mankasitraka izany rahateo ny ankamaroan'ny mpivarotra.

**Sese Rabson :** ny tsy manaiky ny fandaminana dia izay zatra manao gaboraraka ihany no tsy manaiky eo!!! Tsy iza izany fa ireo olon-dRajoelina, efa zatra gaboraraka hatramin'ny taona 2009.

**Elie Andriamanantsoa :** apetraho tsara ohatr'izao mihintsy ny fanarahan-dalàna e! Décision municipale vé dia sahin'ireo tsy maty voalavo ankibo ireo korontanina? Torio, henjeo any rangà a!

**Ravaoarisoa Faranirina :** ramatoa ben' ny tanàna ilay taxi io le manankorotana io, anisan'ny voavidin-dRajoelina sy ny forongony.

**Charles Emile Ramanotronarison :** NY MARINA TSY MBA MATY E. Tena Gaona Vendrana ireo mpanakorontana ireo. Tohizo ny lalantsika amin'ny fanamboarana tsena Neny a !

**Juliette Ranaivoarisoa :** tena mamotika sy manaratsy ny Cua ny sasany mampalahelo, na izany aza, miroso hatrany ny dia ho an'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny ekipany.

**Julio Fine :** ekena zay fandaminana fa mba atao mangarahara foana e!

**Onisoa Brittany:** fa ilay mpitarika ve moa mpivarotra ao Anosibe ao marina, sa te hanao sotro ranon' alika fotsiny!

**Arp Helisoa :** manana fikambanana izy ao, securite ao anatin'ny tsena, ny TAM no sécurité ivelan'ny tsena.

**Onisoa Brittany :** ka inona no manembatsembana azy @ asa ataon'ny ben' ny tanàna moa. Mahavita mamorona asa ho an 'ny mpivarotra angaha ny fanjakana Rajoelina izay tohanany.

TSENAN'ANOSIBE

# Nivadika tamin'ny fifanarahana ny FSAT hoy ny FDTA

Nivoaka tamin'ny fahanginany ny delegen'ny mpivarotra eny amin'ny tsenan'Anosibe, Boriboritany faha-4, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) afak' omaly maraina, izay tarihin' Andriamatoa RANDRIAMANANTSOA Lala Jaona, filoha lefitry ny fikambanan'ny Delegen'ny tsenan'Anosibe (FDTA), nandritra ny fihaonan'izy ireo tamin'ny mpanao gazety manoloana ny fanakorontanana atao eny amin'ny tsenan' Anosibe tato ho ato. Nanambara izy ireo fa mijoro amin' ny fahamarinana, ary tsy manaiky ny fanaovana kolikoly. Nambarany sy nasehony ampahibemaso fa ananany ny porofo mazava, ny antotan- taratasy rehetra izay nilaina nanamboarana ny fotodrafitr'asa izay andalam-panamboarana eny an-toerana ankehitriny. Araka ny voalazany, dia misy ny taratasy mazava momban'ny fahazoan-dalana manangana ny fotodrafitr'asa ao amin'ny tsenan'Anosibe , izay nomen'ny CUA , ka nahafahana nanangana fotodrafitr' asa ao an-toerana. Ankehitriny anefa dia nisy ny fandravàna ny fotodrafitr'asa ataon'ny fikambanana iray FSAT tarihin'Andriamatoa Randrianarisoa Rija, izay efa nanaiky fanamboarana fotodrafitr'asa izy nandritra ny fivoriana tao amin'ny boriboritany faha-4 ny zoma 5 jolay 2019. Nanambaràny an-tsoratra sy nasiany sonia fa tsy manana olana amin'ny fanorenana fotodrafitr'asa ny FSTA, fa mila fanazavàna misimisy kokoa ho an'ny mpikambana mba tsy hifanomezan-tsiny sy hisian'ny fifampitokisana. Efa nisy ihany koa ny fanampiana ara-bola ny FSAT hanampiana ny fikambanana ary misy porofo mazava izany hoy Randriamanantsoa Lala Jaona nefa dia izao lasa manakorontana izao izy ireo. Nanipika mazava ny fikambanan'ny delegen'ny tsenan'Anosibe fa tsy azo ekena mihintsy ny fanimbana fananana iombonana toy izany. Nisy ihany koa ny fandrahonana ireo mpiasa mpanangana trano sy tsindry hazolena izay mianjady amin'izy ireo. Koa eo anatrehan'izany indrindra, dia nanentana ny mponinan'Anosibe izy ireo, indrindra ireo mpivarotra, mba hiray hina hatrany, tsy hihaino feondakolosy tokana sy izay fanosoram-potaka ataon'ny sasany ny fikambanan'ny mpivarotra any ambadika any. Nohamafisiny fa ny delegen'ny tsena dia olom-boafidy tamin'ny fifidianana ara-dalàna izy ireo , ary manaiky ny toromarika sy miara-miasa amin'ny CUA sy ny boriboritany fahaefatra. Izy ireo ihany koa dia miaro ny mpivarotra sy ny zony. Araka ny voalazany hatrany, dia malalaka izy ireo amin'ny fifampiresahana ho an'ireo izay maniry ny hiresaka aminy.



*Ireo avy amin'ny delegen'ny tsenan'Anosibe, FDTA, nitafa tamin'ny mpanao gazety.*

***Helisoa***

Boriborintany faha6 (CUA)

# Vita ny lalankely mirefy 120 m ao Antanjombe Avaratra

Tsy avelan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ho very maina ireo vato sy tara (goudron), amin'ny fanamboarana lalana sy trottoir izay vatsian'ny vondrona Eoropena vola eto Antananarivo Renivohitra amin'izao fotoana izao. Vato marobe no azo, izay ampiasain'ny CUA anamboarana lalankely, analàna fahasahiranana ny mponina . Raha ho an'ny boriborintany faha 6 kaominina Antananarivo Renivohitra manokana dia vita tara ny lalan-kely mirefy 120 metatra teny amin'ny fokontany Antanjombe Avaratra manakaiky ny EPP ao an-toerana, ka tamin'ny alalan'ireo goudron nalaina tamin'ny fanamboaran-dalàna teny an-toerana no nahatontosàna ny asa fanamboarana . Nanatontosa ny asa tamin'izany ireo ekipa teknika sy ny mpiara-miasa ao amin'ny boriboritany faha 6, tarihin'ny delegen'ny boriboritany, Fehizoro Andriamananjezika, araka ny taromariky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ny amin'ny ijerena ny olana mahazo ny mponina eto Antananarivo Renivohitra. Nanome fankasitrahana ny ben'ny tanàna sy ny mpiara-miasa aminy ao amin' ny boriboritany faha 6 ny solontenan'ny fokonolona ao amin'ny fokontany Antanjombe Avaratra, satria afa-pahasahiranana izy ireo, indrindra ireo ankizy mpianatra rehefa tonga ny fahavaratra tamin'ny nahavitàna izao fotodrafitr'asa izao .



*Lalankely vita tara ao amin'ny Boriboritany faha-6.*

***Helisoa***

Cité Analamahitsy

# Tamboho tsy misy fahazoan-dalana noravana, efa nahazo fampilazana indroa ny tompony

Miezaka mampanara-dalàna ireo rehetra manao fanorenana hatrany ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Tamboho iray tsy nahazoana fahazoan-dalana mirefy 8 m ao amin'ny logt 200 teny amin'ny fokontany Analamahitsy Cité no narodana afak'omaly. Efa nisy ny fampitandremana laharana 2683/CA tamin'ny 9 mey 2019 natao tamin'ny tompon'ity tamboho ity, taorian'ny fampilazàna tsotra natao azy ireo, sy ny fidinana ifotony nataon'ny inspecteur de voirie. Ity tamboho ity, izay sady miorina eo ambonina "buse souterraine", no anaty lalam-bahoaka ary vokatry ny fanorenana dia simba ity "buse"ity, mbola teo amin'ny fihadiana fototra tamin'izany fotoana izany. Nasaina namerina tamin'ny laoniny ny tany sady hanajanona ny asa kosa ny tompony ny 22 jolay 2019, izay natrehan'ny vaditany ary nampiarahina tamin'ny arrêté, izay marihina fa voarain'ny tompony soa aman-tsara. Mbola nitohy ihany anefa ny asa, vokatr'izay dia tsy maintsy niroso tamin'ny fandravàna ny Kaominina Antananarivo Renivohitra tamin'io fotoana io araka ny " arrêté municipale n°675 – CUA/CAB.19". Koa entanina hatrany ny mponina araka izany mba hanaja ny lalàna mahakasika ny fanorenana ary mba hanatona ny tompon'andraikitra eo anivon' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra mialahon'ny hanatanterahana ny asa rehetra.

***Ny Valosoa***

BORIBORITANY FAHA-4 (CUA)

## Fokontany miisa 2 nahazo tetikasam-pampandrosoana PSAE avy amin'ny CDA

Notanterahana omaly maraina ny fanaovan-tsonia momban'ny tetik'asa PSAE, na ny Programme de Solidarité d'Andohatapenaka et ses Environnants, izay iarahan' ny kaominin'Antananarivo Renivohitra (CUA) Boriboritany faha efatra, sy ny CDA ( Conseil de Développement d'Andohatapenaka) ary ny distrika. Raha tsiahivina dia fokontany 10 no tafiditra ao anatin'ny tetik'asa raha ho an'Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina no resahina. Ireto avy ny fokontany voakasik'izany ao amin'ny boriboritany faha efatra : fokontany Ivolaniray, Anosibe Andrefana II ; ao amin'ny boriboritany voalohany : ny fokontany Andohatapenaka I sy II, Ankasina, Ampefiloha Ambodirano ary ny kaominina Bemasoandro Itaosy. Marihina fa ny boriboritany faha efatra sy voalohany no voakasika manokana tamin'ity indray mitoraka ity. Anisan'ny voafidy hanatanterahana ny tetik'asa amin'ity taona 2019 ity ny fokontany Anosibe Andrefana faharoa eo anivon'ny boriboritany faha efatra. Nosafidiana manokana ity fokontany ity noho izy be mponina sahirana. Ny tanjona amin'ny tetik'asa dia ny fanovana ny toetsain'ny mponina eny anivon'ny fokontany, fampandraisana anjara sy andraikitra azy ireo, mba hahafahan'ny andrimasomparitra mandray andraikitra hampandroso- ana ny faritra misy azy, ary indrindra mba hisi-an'ny tam- berin'andraikitra sy fitondrana tsara tantana eo amin'ny mpitantana sy ireo tantanina. Araka izany, ireto avy ny asa hatao mandritra ny fanatanterahana ny tetik'asa : fanentanana ny olompirenena tsirairay mba hahatsapa tena handray andraikitra amin'ny fampandrosoana ny faritra misy azy ; fanovana ny toe-tsaina ; fanamafisana ny fahaiza-manao, famaliana ny filàna iraisan' ny mponina, mba tena hiantefa any amin'ny olona tsirairay ny vokatra azo. Teo am-pamaranana dia nisaotra sy nankasitraka ny fiaraha-miasa teo amin'ny mpi-aramiombon'antoka CDA ny lefitra voalohan'ny delegen'ny boriboritany faha efatra, Dr Rambolamasoandro, izay nisolo tena ny Kaominin'Antananarivo Renivohitra sy ny boribo- ritany faha efatra ary manantena ny fitohizan'ny fiaraha-miasa mba tena hiparitaka eny anivon'ny fokontany 32 ny fanatanterahana ny tetik'asa.



*Ny lanonana fifanaovan-tsonia teo amin'ny CUA sy ny CDA.*

**Stefa**


Fiainana andavanandro

## Cité Itaosy : mamotaka ny tanàna

Misy ny fanamboarana ny sisin-dalana eny amin' ny Cité Itaosy ankehitriny, izay toerana misy ny fiantsonan'ny fiara fitateram-bahoaka, na hiakatra ny renivohitra, na handeha ho any Ambohidrapeto. Miteraka olana sy fahasahiranana ho an'ny mponina izany noho ny tatatra nolavahana amin'ny lalana ny ranompotaka. Vao mainka koa miampy ireo tany noloarana avy amin'ny asa fanamboarana, ka mamotaka tanteraka manahirana ny faritra fiantsonan'ny fiara fitateram-bahoaka. Tsy niraika tamin'io faritra petsapetsa lava isan'andro io ny tompon'andraikitry ny kaomina eny an-toerana nandritry ny fotoana ela. Ny mponina manodidina ihany koa tsy nivaky loha firy, kanefa avy amin'izy ireo ihany koa no manahatonga petsapetsa lava sy ranom-potaka amin'io toerana io. Dia izao vao mainka manahirana ny mponina eny sy ny manodidina, na ny olona izay mandalo eny ny zava-misy. Ankoatra izay, dia misy fiantraikany amin'ireo tsenan'ny mpivarotra ny toe-java-misy satria mihena ny mpividy mankao aminy, araka ny resaka nifanaovana tamin'izy ireo. Nisy mihitsy araka izany ny nanidy ny toeram-pivarotany aloha mandra-pahavitan'ny asa mety ho amin'ny ampahany aloha. Misy fiantraikany amin'ny fiainam-bahoaka andavanandro araka izany ny fanamboarana ny sisin-dalana. Tsy fantatra koa anefa hoe hatramin'ny oviana vao ho vita ny asa fanamboarana eny an-toerana? Hatreto dia mihisatra tanteraka ny asa amin'iny lalana mihazo ny vohitr' Itaosy iny ary miteraka fitohanana lavareny isan' andro, na andro alahady, na andro tsy fiasana aza.

**Radafy**

## SARIITATRA : Mpamita-bahoaka ny fitondran-dRajoelina




Tratry vorika tamin'ny kafe

## Afa-jaza matetika ilay ramatoa

Hafa raha samy hafa indray ny nahazo ity vehivavy ity. Efa in-telo afa-jaza foana mantsy izy ary saika maty foana saingy tsy mbola tonga ny anjarany . Milaza izy fa isaky ny bevohoka dia ohatry ny reraka be izany ary miafara amin'ny fahafahan-jaza hatrany . Efa mba nanatona mpampivelona ihany aho hoy izy ary efa nisy fanafody nohanina mihitsy aza fa tsy nety nipetraka mihitsy izay zaza ato an-kiboko, na raha tsy izany dia afaka foana. Leo aho hoy ity ramatoa ity ka olona no nanoro ahy fa misy izany mpanotra Jessica **03387 395 41** eny Mandrosoa Ivato izany no mahay mikarakara sy mitsabo olona tratry ny aretina na zavatra mitranga toy izany . Ny ampitso ihany hoy izy dia tonga teny aminy, ka vao noraisiny dia nilaza izy fa mosavin'olona io ary tsy lavitra fa olona saika ho vadin'ny vadiny ihany io namosavy azy io . Tsy nino aho aloha hoy izy fa vao nisotro ilay rano manokana nomeny sy notroriny tamin'ny menaka ny kiboko dia tsaroako nivadika izany ny fiainako ary toa maivamaivana izany ny vatako. Teo aho vao tonga saina hoy izy fa ny alin'iny dia nandoa zavatra mifangaro kafe ary teo aho vao niaiky fa tena mosavy tokoa. Mbola nasainy niverina aho nilaza ny vaovao hoy izy saingy efa tsapako fa sitrana aho ary efa nitoe-jaza aho taorian'izay dia teraka soa amantsara tsy nisy olana . Misy olona manontany ahy hoy izy dia lazaiko fa izy no nanafaka ny fahoriako sy nahazoako zaza taorian'ny fikarakarana nataon'i Jessica tamiko.

**Ny Akama**

Mpanakanto Stéphanie

## Nankalaza ny tsingerin-taona faha-31 nahaterahany omaly



*Ny mpanakanto Stéphanie.*

Nankalaza ny faha-31 taonany omaly alarobia 31 jolay 2019 ny mpanakanto anisan'ny sangany eto Madagasikara amin' izao fotoana dia i Ramanampison Niriana Stéphanie Bachra, na Stéphanie no ahafantaran'ny maro azy. Teraka tao Ambatondrazaka, faritra Alaotra-Mangoro ity mpanakanto ity ny 31 jolay 1988. Mpanakanto anisan'ny ankafizin'ny tanora ankehitriny ity mpanakanto ity, miara-miasa koa izy amin'ireo mpihira hafa, malaza amin'izao fotoana. Maro ireo hira ahafantaran'ny maro an'i Stéphanie toy ny dontsiky, ilay hira mahakasika ny mpivady tsy maintsy mifamaly, fa tsy izany no hoentina hampisaraka tsy akory,…

**Aly**

Tranga mampalahelo

## 4 andro vao hita faty ilay zaza very

Tranga mampalahelo no nitranga tany Ambanja any amin'ny faritra Dia-na. Mampalahelo tokoa ity tranga iray niseho tao amin'ny fokontany Marovato Andrefana, Kaominina Ambanivohitra Ma- rovato Centre, Andoharano, Distrikan'Ambanja. Very tsy hita ity ankizy vavy kely antsoina hoe Juliana, izay mbola vao efatra (04) taona monja ny talata 23 jolay lasa teo. Ny sabotsy teo, 4 andro taty aoriana vao hita ny fatiny, nisy nahita teny amoron-drano. Hatreto, tsy fantatra izay nahavanon-doza. Miandry ny famotorana atao-n'ny mpitandro filamina- na ny rehetra. Tena ma-njaka ny asa ratsy eto amintsika, ary mitaintaindava ny mponina, toy ity tranga mampivarahontsana nitranga tany amin'ny faritra Sambirano ity.

**Ny Valosoa**



*Ilay zazavavy kely hita faty teo amoron-drano tany Ambanja.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**27/07/19 hatramin'ny 03/08/19**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 937-08-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIFAMOIVOIZANA

# Mila ampiharina ny lalàna amin'ny gaboraraky ny posy sy sarety

Efa tapaky ny filankevitry ny tanànan' Antananarivo renivohitra fa tsy azo atao ny mitondra sarety sy posy eo ankoatra ny ora ahafahan'izy ireo mandeha, dia amin'ny 10 ora ka hatramin'ny 12 ora, sy amin' ny 2ora ka hatramin'ny 4 ora. Ireo ihany no ora tokony hahafahan'ireo posy sy sarety mandeha. Ankehitriny anefa dia mandeha indray ny gaboraraka satria misy sarety sy posy minia mandeha amin'ny ora voafaritra fa atsy azon'izy ireo andehanana eto Antananarivo renivohitra. Tsy vitan'izany, fa mbola ahitana vesatra mihoatra ny 1500 kilao ihany koa entin'izy ireny. Aiza ny fanajana ny lalàna hoy ny tompon'andraikitra ary ahoana ihany koa ny fanajana ny hafa satria tsy vitan'ny miteraka fitohanana eo amin'ireo fiara, fa mbola voaelingelina ihany koa ny mpandeha an-tongotra. Ny mitondra môtô dia tsy resahina intsony amin'ny fisongonana sy tsy fanajana ny mpandeha fiara. Manao ny asany ny mpitandro ny filaminana fa ny vahoaka mihitsy no tokony hisaina sy hanaja ny soatoavina malagasy satria miainga amin'izany avokoa ny fototry ny fiainana amin'ny ankapobeny eto amintsika. Rahoviana àry vao tena ho voahaja ny lalàna eto amintsika satria raha izao no mitohy dia ho sarotra ny hitondra fiovana eto amin'ny firenena.

***Rajo***

Depute Todisoa A.

# Nijery ny hanampiana ireo mpanao asa tanana eny Ambohimanarina

Isan'ny sehatra mampiroborobo ny toekarena ny orinasa madinika amin'ny fikirakirana ny taozavatra vita Malagasy, izay mampiditra vola vahiny betsaka ny sehatry ny fanondranana mankany ivelany, isan'ireo sehatra mila teti-pivoarana rahateo izany asa tanana malagasy izany, ka izay indrindra no nahatonga ny depiote voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra, Andriamampandry Todisoa, sady filohan'ny Vaomiera misahana ny Toekarena sy Teti-pivoarana eo anivon'ny Antenimierampirenena, nitsidika toerampiasana manodina ny akora vita malagasy teny Ambohimiadana Avaratra omaly. Nanambara ny depiote Todisoa nandritra izany fa hijery akaiky ny fomba hanampiana ireo mpanao asa tanana Malagasy eny Ambohimanarina. Mbola ao anatin'ny fiomanana fiatrehana ny fivoriana tsy ara-potoana faharoa ny eny Tsimbazaza, ka mampanantena ireo vahoakan'Ambohimanarina tsy ho ela hanao ny tatitra ny tenany.

***Aly***



*Ny depiote Todisoa, nitsidika mpanao asa tanana teny Ambohimanarina.*

Ben'ny tanàna Barisoa David A.

# Hanohy ireo asa efa natomboka


Nandritry ny tatitra nataon'ny ben'ny tanànan' Ambohitrabiby, distrikan' Antananarivo avaradra-no, Andriamananjara Barisoa David, no nilazany fa mila tohizana ireo ezaka efa natomboka tao anatin'ny dimy taona. Anisan' ireo ben' ny tanàna vaovao man-tsy ity ben'ny tanàna ity satria kominina vao nisokatra ny kaominina Ambohitrabiby. Anisan' ny ezaka efa nataon'ny ben'ny tanàna ny sehatry ny fampianarana satria nanamboatra Ceg vaovao tany amin'ny faritra atsimon'ny kaominina ny ben'ny tanàna ary nanangana efitrano malalaka ho an'ny Lycée tao amin'ny kaominina ihany koa . Nandray anjara tamin'ny fanamboaran-dàlana niarahana tamin'ny fiangonana iha-ny koa ny kaominina ary mbola hanohy ireo eza-ka efa natomboka raha ny fanazavany. Nambaran'ity ben'ny tanàna ity fa mbola vonona hanohy ireo ezaka efa natao ny tenany ary mbola ho kandida ben'ny tanàna manaraka. Ny fampandrosoana ny kaominina no tanjona hoy hatrany ny fanazavany nandritry ny fankalazana ny faha-15 taona nisian'ny fiaraha-miasa teo amin'ny fiangonana Fjkm Ambatomahamanina Mahatoky sy ny mpitandrina Rahasinarivo Haja ny alahady lasa teo.

***Rajo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 288**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0287)

***Mitsivalana***
- Aminy - If
- Lasa - (H)ena
- Nitomany (Miv)
- Ny - Boka
- Manta (Miv) - Ih
- Rava - Sy
- Tolonay (Miv)

***Mitsangana***
- Alina
- Manitra
- Isa - Nan(a)
- Man (Miv) - Avo
- Lambo (Miv)
- Eto
- Tsikiny (Miv)
- Fanahy

## TENY MIFANARAKA N° 288




**Mitsivalana**

**1.** Voretra - Kanto **2.** Anaran-tanàna **3.** Mpanondro toerana - Tsipaho **4.** Gara malaza ao Atsinanana **5.** Iray tampo - Maneho fitoviana **6.** Tsy lavitra - Marika (Miv) **7.** Lena (Miv) - Soa sy tsara **8.** Miady ho an'ny firenena **9.** Ino ? - Faranteny **10.** Sipany, olon-tiany

**Mitsangana**

**A.** Misintaka - Simba eo amin'ny molotra (Miv) **B.** Ambony - Tsy aloha fa aoriana handatsa **D.** Maimbo, masiso - Zanak'i Dada - Fanampin'anarana (Miv) **E.** Vahoaka eto antany **F.** Marina - Tovovavy tena malagasy - Fiarovana @ moka **G.** Fomba mandidy ny vidy (Miv) - Tampisaka **H.** Tapitra (Miv) - Hery sy tanjaka (Miv) **I.** Piso - Vizana **J.** Sahala (Miv) - Mpanoritra **K.** Atambatra, akambana

### Valiny Teny mifanaraka 0287

**Mitsivalana**

1 Tsapa - Tale **2.** Sar(y) - Noana **3.** Er - Ka **4.** Nofaritany **5.** Anilanao **6.** Ia - Hono (Miv) - Om (Miv) **7.** Mifono (Miv) **8.** Soratana **9.** Ory - In **10.** Natokanao

**Mitsangana**

**A.** Tsenainao **B.** Sarona - RN **D.** Ar - Fi(to) - Tsia **E.** Kalo **F.** Anaranareo **G.** Inona ? **H.** Ta(ona) - Tahotra **I.** Andao - Fa **J.** La - Minia **K.** Milomano

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Lalan-kely vitan'ny CUA indray teny amin'ny boriborintany faha 6.






Ny fanasoniavana ny tetikasa PSAE avy amin'ny CDA tao amin'ny boriborintany faha 4.

